# TATITRA AN-GAZETY

# FANOLORANA OFISIALY FAMPITAOVANA

Ny Fandaharan'asa FANARENANA/Tetik'asa MIKOLO AINA dia

**« Manolotra fampitaovana mba ho fanatsarana ny asa fandraharahana ny fonja eo anivon'ny fitaleavam-paritry ny fandraharahana ny fonja « VATOVAVY FITOVINANY »**

Ny faha 07 sy faha 09 ny volana novambra, dia tonga teto amin'ny fonjan'ny Manakara sy fonjan'ny Mananjary ny solon-tena avy tao amin'ny Fandaharan'asa FANARENANA nanolotra fampitaovana ho an'ireo Mpandraharaha ny Fonja, ary koa nanolotra mari-pahaizana ho an'ireo vehivavy voafonja andiany voalohany, nahatontosa ny fampiofanana zaitra sy fanamboarana « SHL ».

Ny Ministeran'ny Fitsarana, amin'ny alalan'ny Fandaharan'asa FANARENANA dia nametraka tanjona kendrena toy izao manaraka izao :

- Fanatsarana ny toem-piainan'ireo voafonja ;
- **Fanatsarana ny farim-piainana sy ny fanomanana ny fiverenan'ireo voafonja eny anivon'ny fiaramonina**.
- Fanatevenana traikefa sy ny fitantanana momba ny fandraharahana ny fonja sy ny fitantanana eo anivon'ireo toeram-pamonjana ;
- Miahy sy mandrindra ary manara-maso ny fanatanterahana ireo lamin'asa napetraka.

Arak'izany ny Programan'asa FANARENANA dia nametraka ny vina **ho fanatsarana ny sehatr'asan'ireo mpandraharahan'ny fonja** ary koa ny fiaimpiainan'ireo voafonja sy ny fanomanana ny fiverenan'izy ireo eny anivon'ny fiarahamonina.

Tamin'ny alalan'izany indrindra no nahatonga ny roa tonta hanatanteraka izao fanolorana fampitaovana ho an'ny fitaleavam-paritry ny fandraharahana ny fonja VATOVAVY FITOVINANY, sy ny fonjaben'ny Mananjary sy Manakara izao. Nararaotina tamin'izany ihany koa ny nanolotra ireo mari-pahaizana avy amin'ny Ministeran'ny Fampianarana Teknika sy

Fampiofanana Arak'asa, ho an'ireo vehivavy nahavita hatramin'ny farany ny fampiofanana tao amin'ireo fonja roa iasan'ny Tetkasa ireo.

Ny tetikasa MIKOLO AINA moa dia manana lohahevitra telo lehibe, dia ny fandraisana an-tanana ny fahasalaman'ireo voafonja, **fanomanana arak'asa** mba ho an'ny fiverenan'izy ireo eny anivon'ny fiarahamonina, ary ny **fanatsarana ny sehatr'asa sy ireo fitaova-mpiasana ampelatanan'ny mpandraharahan'ny fonja.** Koa izao fanolorana fampitaovana, sy fizarana maripahaizana resahina etoana izao dia miompana indrindra amin'io lohahevitra faharoa sy fahatelo io.

**Tanjona amin'ny fanolorana fampitaovana :** mba ho fanamorana ny fanatanterahana ny asa ho an'ireo Mpandraharaha ny fonja.

**Ireo fampitaovana hatolotra : 11 packs d'ordinateurs de bureau** avec écran, clavier, souris, unité centrale ; **01 ordinateur portable** ; **10 Stabilisateurs** ; **10 onduleurs** ; **04 imprimantes** ; **07 clés USB de 08 Go** ; **02 Appareils photos numériques** ; **40 Lampes de poches** ; **20 Lampadaires solaires** ; **01 Groupe électrogène** ; **16 talkies walkies** ; **02 box wifi** ; **30 sifflets** ; **02 Balances électroniques** ; **10 armoires métalliques**, **31 chaises visiteurs** ; **06 chaises de bureau** ; **13 Tables de burea**u ; **04 matelas** ; **04 motos de services** ; **40 habillements imperméables**.

**Mpisitraka ny fampitaovana :** ny fitaleavam-paritry ny Fandraharanana ny Fonja Vatovavy Fitovinany ary ny Fonjaben'ny Mananjary sy Manakara.

**Tompon'andraikitra hanatontosa ny fanolorana :** Ramatoa Talém-paritry ny Fandraharahana ny Fonja V7V, Ramatoa Mpandrindra ny Fandaharan'asa FANARENANA/Ministeran'ny Fitsarana, ny Lehiben'ny Tetik'asa MIKOLO AINA.

Fanampim-panazavana :
http://www.douleur.org
http://www.justice.mg/?pageid=88
www.afd.fr